# “Nitsangana Izy!”


3020 Malagasy HIR



Nanao ny sary
Meryl Esenwein

Nosoratan’i
Rosa A.Goodman

# Joba dia lehilahy iray nitia an'Andriamanitra. Indray andro dia nesorina taminy ny harem-beny sy ny ankohonany.



**Niseho tampoka ny vay ka nanenika ny vatan'i Joba iray manontolo. Nametraka fanontaniana izay fametraky ny maro i Joba: "Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?"**

**–Joba 14:14a**

**Vakio ity boky ity dia ho hitanao ny valiny.**

(Vakio Joba toko 1 sy toko 2, andininy 1-10.)

(Lokoy araka ny itiavanao azy ny sary.)


# Jesosy nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty




**Nandeha tany amin'ny fasan'i Lazarosy Jesosy ary "niantso tamin'ny feo mahery hoe: 'Ry Lazarosy, mivoaha!' Dia nivoaka ny maty" (Jaona 11:43b, 44a)**

# Jesosy nanangana ny zanakavavin' i Jairo

**"Ry zazavavy, hoy Izaho aminao: mitsangàna."**
**–Marka 5:41b**



**Nanan-janaka vavy roa ambin'ny folo taona i Jairo izay nindaosin'ny fahafatesana. Nandray azy tamin'ny tànana Jesosy ka nanao hoe: "Ry zazavavy, hoy Izaho aminao, mitsangàna." Niaraka tamin'izay dia nitsangana izy ka afaka nandeha. "Ary niaraka tamin'izay dia talanjona ny olona." Vakio Marka 5:22-43**

# Vehivavy mpitondratena iray namoy ny zanani-lahy tokana



**Vehivavy mpitondratena iray namoy ny zanani-lahy tokana. "Ary nony nahita an-dravehivavy ny Tompo, dia onena azy ka nanao taminy hoe:**

**'Aza mitomany.' Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: 'Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena.' " (Lioka 7:13-14)**

# Nitsangana tamin'ny maty ny zanaka lahin'ilay mpitondratena

**"Dia niarina ny maty sady niteny.**
**Ary dia natolony (Jesosy) tamin-dreniny."**
**–Lioka 7:15**

(Ity tantara ity dia hita ao amin'ny Lioka 7:11-17.)




**Nahoana Jesosy Kristy no afaka manangana olona amin'ny maty?**

**(Tohizo ny famakiana hahitana ny valiny.)**

# Kristy dia nohomboana teo anelanelan'ny mpangalatra roalahy

**"Lazaiko aminao marina tokoa, anio no hihaonanao Amiko any Paradisa."**
**–Lioka 23:43b**

**"Jesosy ô, tsarovy aho rehefa avy amin'ny fanjakanao Hianao."**
**–Lioka 23:42b**



**Ity mpangalatra ity dia tsy nino an'i Jesosy ka tsy voavonjy izy.**

**Voavonjy ilay mpangalatra nino an'i Jesosy.**

## "Maty hamonjy antsika Kristy." –Romana 5:8b

# Jesosy dia Zanak'Andriamanitra

Jesosy dia tsy nanana ray olombelona. Talohan'ny nampakaran'i Josefa an'i Maria renin'i Jesosy mba ho vadiny dia "nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'ny nofy ka nanao hoe: 'Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra hampakatra an'i Maria vadinao, fa ny Zaza ao ankibony dia avy amin'ny Fanahy Masina, ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany ataonao hoe: Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olona, ho afaka amin'ny fahotany.' Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany hoe: 'Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela, izany hoe, raha adika: 'Amintsika Andriamanitra.' (Matio 1:20b, 23)

Io andinin-tSoratra Masina ambony io dia maneho amintsika fa Andriamanitra no Rain'i Jesosy satria ny Fanahy Masina sy Andriamanitra dia Iray ihany. Ny Kolosiana 2:9 dia manambara amintsika fa ny Fanahy Masina sy Andriamanitra dia mitoetra ao amin'i Jesosy. "Fa ao amin'ny tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra." Anaran'i Jesosy hafa koa dia TENY. Vakiantsika ao amin'ny Jaona 1:14a: "Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika." Izany dia maneho fa Jesosy dia IRAY ihany ao amin'ny RAY. Mazava tsara ny filazan'i Jesosy ao amin'ny Jaona 10:30 "Izaho sy ny RAY dia IRAY ihany."

Ao amin'ny Lioka 9:35 dia milaza Andriamanitra fa Jesosy dia Zanany "Ity no zanako voafidiko, Izy no henoy."

Satria Jesosy sy ny Ray dia IRAY ihany, ndeha isika hanome voninahitra ny Zanak'Andriamanitra tahaka ny ataontsika amin'ny Ray. Jaona 5:23 dia milaza: "Mba hanajan'ny olona rehetra ny Zanaka, tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy."

# Jesosy Kristy maty ho antsika

**"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay." –Jaona 3:16**

Ny hoe NA IZA NA IZA dia midika hoe IANAO na ny OLONA rehetra izay MINO. Raha mino, ianao fa Jesosy dia maty teo ambonin'ny hazo fijaliana mba hamonjena ANAO ho afaka amin'ny fahotanao dia hanana FIAINANA MANDRAKIZAY ianao. Ho VELONA mandrakizay IANAO ary ho ao amin'ny Tompo Jesosy rahatrizay. Ny andinin-tSoratra Masina manaraka dia nalaina tao amin'ny Romana 5:6-11 izay maneho amintsika ny maha-zava-dehibe ny nandatsahan'i Jesosy ny rany mba hamonjena antsika amin'ny fahotantsika: "Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro hamonjy ny ratsy fanahy. Fa saiky tsy misy olona manaiky ho faty hamonjy ny marina fa angamba hisy ihany ny sasany sahy maty aza hamonjy ny manao soa. Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika; fa fony mbola mpanota isika dia maty hamonjy antsika Kristy. Koa mainka aza ny HAMONJENY ANTSIKA HO AFAKA AMIN'NY FAHATEZERANA ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin'ny RANY isika. Fa raha fony mbola fahavalo aza isika no nampihavanina tamin'Andriamanitra tamin'ny nahafatesan'ny Zanany, mainka ny hamonjeny antsika amin'ny fahavelomany ankehitriny, rehefa nampihavanina. Ary tsy izany ihany koa, fa mifaly amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nahazoantsika ny fihavanana ankehitriny."

I Petera 1:18-19 dia manambara hoe: "Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana. Fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ràn'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina."

## Rehefa mibebaka noho ny otantsika isika inona no ataon'Andriamanitra amin'ireny?


1. **Salamo 103:12 —** *"Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika."* Ny fandikàna dia fahotantsika na koa ny fandikàna ny lalàn'Andriamanitra sy ny didiny.
2. **Isaia 1:18b — *"Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy.***
3. **Jeremia 31:34b — *"Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany."***

   **Hebreo 8:12 — *"Fa hamindra fo amin'ny tsi-fahamarinany Aho, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany."***

   Ny heloka dia mitovy amin'ny fahotana sy ny fandikàna. Jereo ny laharana voalohany eo ambony.
4. **Mika 7:19 — *"Hamindra fo amintsika indray Izy, ka hanitsakitsaka ny fahotantsika. Eny, harianao ho any amin'ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra."***

**"Na iza na iza manaiky fa Zanak'Andriamanitra Jesosy dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin'Andriamanitra." – I Jaona 4:15**

**Hoy ny anjely: "Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy." (Matio 28:6a)**




# Jesosy Kristy dia nitsangana tamin'ny maty!

**"Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao?" – I Korintiana 15:55**

# Jesosy nitsangana tamin'ny maty

**"Indro, velona mandrakizay mandrakizay Aho." – Apokalypsy 1:18b**

"Ary tamin'ny alin'ny Sabata, raha vao nazava ratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia avy hizaha ny fasana Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray. Ary indro, nisy horohoron-tany mafy; fa nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny. Ary ny fijery azy dia tahaka ny helatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny orampanala; ary ny mpiambina dia nivadi-po noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty. Ary ny Anjely namaly ka nilaza tamin'ny vehivavy hoe: 'Aza matahotra hianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian'ny Tompo. Ary mandehana faingana, ka lazao amin'ny mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy; ary, indro, mialoha anareo any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy; indro, efa nilaza taminareo aho. Dia niala faingana tamin'ny fasana izy ireo sady natahotra no faly indrindra, dia nihazakazaka hilaza tamin'ny mpianatra. Ary, indro, Jesosy nifanena taminy

**Hoy Jesosy taminy: "Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia [maty aza, dia ho velona indray]. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va hianao?" – Jaona 11:25, 26**

# Tsy maintsy tonga mpandresy isika

"Izay maharesy dia tsy ho simban'ny fahafatesana faharoa." – Apokalypsy 2:11b

Ity ambany ity dia fianarana Baiboly. Eo ambanin'ny tsiambaratelon'ny fahatongavana ho mpandresy tsirairay dia misy fizahan-teny amin'ny andininy izay tokony ho jerenareo ao amin'ny Baiboly. Na koa afaka manamboatra karatra kely mirefy 5,08 x 7,62 sm dia ataovy eo amin'ny ilany iray ny andininy dia eo amin'ny ilany hafa ny tsiambaratelon'ny fandresena. Tadidio aloha ireo andininy amin'ny maraina; amin'ny ora fandriana, rehefa mandeha, na fotoana malalaka hafa. Hanampy anao sy izay izaranao azy ireo mba ho tonga MPANDRESY.

## *Tsiambaratelon'ny Fandresena*

1. **Tohero ny devoly ary hatòny akaiky Andriamanitra.** Jakoba 4:7 sy 8a; Efesiana 6:11; Ohabolana 18:10
2. **Miambena ary tandremo ny fanahinao.** I Petera 5:8; Ohabolana 22:1; Salamo 19:14; 1 Korintiana 10:12
3. **Mivavaha.** Isaia 40:3; Jakoba 5:16; I Jaona 5:14; *"Fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka."* (Lioka 18:1b).
4. **Mangataha ny ràn'i Jesosy anafotra anao ary ihazona ny teny vavolombelonao.** *"Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy, ary tsy nankamamy ny ainy intsony Izy, na dia ho faty aza."*- (Apokalypsy 12:11)
5. **Atolory an'i Jesosy ny sitraponao, sy ny tenanao manontolo.** Romana 12:1; I Tantara 29:5b; I Tesaloniana 5:23; Marka 12:30
6. **Ataovy izay rehetra fantatrao fa tian'Andriamanitra ataonao.** I Jaona 1:7; I Timoty 4:12; I Tesaloniana 4:3
7. **Mandrese ny ratsy amin'ny alalan'ny tsara.** Romana 12:21; I Tesaloniana 5:1; Matio 5:44: Lioka 6:31
8. **Anehoy fitiavana ny rehetra.** Romana 13:9b – 10; I Jaona 3:14-15; Romana 13:8; Lioka 6:35
9. **Mamelà ny diso.** Marka 11:25-26, Lioka 23:34; Matio 18:21-22; Efesiana 4:32; Na iza na iza tsy mbola nisy nitondra ratsy tahaka ny nanjo an'i Jesosy, kanefa mbola navelany (Jesosy) heloka. Mivavaka Izy: *"Raiko ô, mamela ny helony…"* (Lioka 23:34)
10. **Mihirà, mifalia, isao ny fitahiana anao.** Salamo 147:1, Salamo 107:1,21; Salamo 50:23; Filipiana 4:4
11. **Mihevera ny zavatra tsara ary afantohy amin'i Kristy ny sainao.** Filipiana 4:7-8. Isaia 26:3
12. **Matokia ny Tompo amin'ny fonao rehetra.** Nahoma 1:7; Salamo 56:11; Ohabolana 3:5; I Jaona 5:4

**"Iza moa no maharesy izao tontolo izao afa-tsy izay mino fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra?" – I Jaona 5:5**

# Kristy manambara ny Tenany amin'ny famakiana ny mofo



"Ary raha niara-nipetraka nihinana teo aminy [Jesosy], dia nandray ny mofo ka nisaotra, dia namaky sy nanolotra azy. Dia nahiratra ny mason'ireo ka nahalala Azy; fa Izy kosa dia tonga tsy hitany."
–Lioka 24:30-31

**Kristy manambara ny tenany tamin'ny mpianatry ny Emaosy raha namaky ny mofo Izy (Lioka 24:13-35)**

# Kristy niseho tamin'ny mpianany tany Jerosalema

Lioka 24:36-49




"Ary raha mbola nilaza izany izy, Jesosy dia nitsangana teo afovoany ka nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. Dia taitra sady raiki-tahotra izy, satria nataony fa nahita matoatoa izy. Nefa hoy Jesosy taminy: 'Nahoana no taitra hianareo? Ary nahoana no miahanahana ny fonareo? Izahao ny tànako sy ny tongotro; fa Izaho no Izy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Ahy izao.' Ary rehefa niteny izany Izy, dia nasehony azy ny tànany sy ny tongony." – Lioka 24:36-40

# Ao amin' i Jesosy irery ihany no fanantenantsika ny amin'ny fiainana mandrakizay

**Hoy Jesosy, "Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako." – Jaona 14:6b**

**Hoy Jesosy "Satria velona Aho dia ho velona koa hianao." – Jaona 14:19b**

3020 Malagasy HIR



## Manana ny fahefana rehetra Jesosy

"Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý an-tany." (Matio 28:18b).
"Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin'ny Ray Izay naniraka Ahy; ary Izaho, hanangana azy amin'ny andro farany." (Jaona 6:44)
"Fa hain' Andriamanitra ny zavatra rehetra." (Matio 19:26b)


## "Ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho." –Isaia 43:11b

# Velona Kristy mba hanome anareo fiainana!

***“Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be!” –Jaona 10:10b***

**“Indro ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao.”–Jaona 1:29b**

**“Minoa an’i Jesosy Tompo, dia ho vonjena hianao sy ny ankohonanao.” –Asan’ny Apostoly 16:31b**




**Andriamanitra mahalala izay misy anao**

“Fa ny mason’i Jehovah mijery eny tontolo eny eran’ny tany rehetra, mba hisehoany amin-kery hamonjy izay manana fo mahitsy Aminy. Adala hianao tamin’izany ka dia hisy ady hahazo anao hatram-in’izao.”

–II Tantara 16:9a

**AZA MATAHOTRA**
**“Amin’ny andro atahorako no itokiako Anao.”**
**–Salamo 56:3**

**“Ary maty hamonjy ny olona rehetra Izy, mba tsy ho velona ho an’ny tenany intsony izay velona, fa ho an’Izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy.” – II Korintiana 5:15**

**" … Dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo." –Josoa 24:15a**
**"Ka mifidiana ny fiainana, mba ho VELONA hianao sy ny taranakao." –Deoteronomia 30:19b**




## Iza amin'ireo làlana ireo no halehanao?

Jesosy Kristy no làlana mankany amin'ny FIAINANA mandrakizay. Ny devoly satana no làlana mankany amin'ny FAHAFATESANA mandrakizay.

**Ilain'i Jesosy hanaraka Azy isika.**
**Ilain'ny satana hanaraka azy isika.**

**Te-hamonjy antsika Jesosy Kristy ary hanome antsika fonenana any an-danitra miaraka Aminy.**
**Ny devoly, satana dia te-hanimba antsika ary mahatonga antsika hiaraka aminy any amin'ny helo.**

## Manao ny safidy tsara ity zazalahy ity.
## Maniry ny FIAINANA MANDRAKIZAY izy!

# Nahoana no tsy maintsy mifidy an'i Jesosy Kristy isika raha te-hahazo fiainana mandrakizay

1. **"Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena." (Asan'ny Apostoly 4:12)** "Izaho dia Izaho ihany no Jehovah, ary tsy misy Mpamonjy afa-tsy Izaho." (Isaia 43:11)
2. **Kristy no tonga.** "Izaho avy mba hananany fiainany. . . " (Jaona 10:10b)
3. **Kristy no tia antsika sy maty ho antsika.**


   ". . . Ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy." (Galatiana 2:20b); "Koa satria manana nofo aman-dra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana." (Hebreo 2: 14 sy 15)
4. **Ny rà arakan'Andriamanitra ihany no fanafodin'ny otantsika.** "Izay ananantsika fanavotana dia ny famelana ny helotsika." (Kolosiana 1:14) "Fa raha tsy misy rà alatsaka dia tsy misy famelan-keloka." (Hebreo 9:22b). "Dia tahaka izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny otan'ny maro, dia hiseho fanindroany, tsy amin'ny ota, amin'izay miandry Azy, ho famonjena. (Hebreo 9:28) "…ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra." (I Jaona 1:7)
5. **Kristy no nitsangana tamin'ny maty.** "...velona mandrakizay hanao fifonana...." (Hebreo 7:25). "Ary fantatsika fa rehefa nitsangana tamin'ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy, tsy manan-kery Aminy intsony ny fahafatesana." (Romana 6:9). "Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika." (Romana 4:25)
6. **Kristy no nandeha hamboatra fitoerana.** "Fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho." (Jaona 14:2b)
7. **Tsy maintsy manana ny Fanahin'i Kristy ao amintsika isika mba hitsangana ho amin'ny fiainana mandrakizay.** "Ary raha ny Fanahin'Izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin'ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo." (Romana 8:11) "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin'ny Ray izay naniraka Ahy; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany." (Jaona 6:44). "Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy." (Romana 8:9b)
8. **Manana fahefana hamela heloka Kristy.** "Dia hoy Izy tamin-dravehivavy: 'Voavela ny helokao.' " (Lioka 7:48b). "Fa iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna ka mandehana? Fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak'olona manana fahefana etý ambonin'ny tany hamela heloka (dia hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralysisa): Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao." (Matio 9:5-6)
9. **Kristy no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo.** "Dia ilay velona, efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainanan-tsi-hita." (Apokalypsy 1:18)
10. **Kristy no hitsara antsika. "**Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka. Mba hanajan'olona rehetra ny Zanaka tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy." (Jaona 5:22-23)
11. **Tsy maintsy mino an'i Kristy isika mba ho vonjena.** "Izay mino ny Zanaka no manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy." (Jaona 3:36).
12. **Avy amin'i Kristy irery ihany ny famonjena fa tsy noho ny asantsika.** "Fa ny fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha." (Efesiana 2:8-9). Vakio koa Titosy 3:4-8.

# Inona no tsy maintsy ataon'ny kristiana raha tsy nampahombiazan'ny Tompo eo amin'ny làlana sasany?

Mankanesa eo amin'ny Tompo miaraka amin'izay, ary lazao azy fa manenina ianao. Angataho Izy hametraka ny tsy fahombiazanao eo ambanin'ny Ràny ary hanampy anao tsy hanao izany zavatra izany intsony. Raha nanao hadisoana tamin'olona iray ianao, angataho ny Tompo mba hanampy anao hankany amin'izany olona izany ka hangataka famelankeloka aminy. Ataovy azo antoka ny zavatra rehetra voatsotra tamin'ny Tompo sy tamin'izay olona nanaovana hadisoana na fanafintohinana tamin'ny fomba rehetra. Manadio an'izany tsy fahombiazana izany Jesosy. "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-famarinana rehetra." (I Jaona 1:9). "Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy, Ilay marina." (I Jaona 2:1b). "Fa iray no Andriamanitra ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona." (I Timoty 2:5) Tohizo ny fandehanana ao amin'ny mazava (I Jaona 1:7). (Jereo ny andininy feno ao amin'ny pejy 19.)

# Tsy hatahotra ny loza aho, fa Jesosy no miaraka amiko.

Fa hoy Izy, “Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory.” (Hebreo 13:5b).




**Hoy Jesosy, “Ary indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ny fahataperan’izao tontolo izao” (Matio 28:20b).**

# “JEHOVAH no Mpiandry ahy”

## Salamo 23

**Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java mahory aho. Mampandry ahy amin’ny ahi-maintso Izy; Mitondra ahy eo amoron’ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy; Mitarika ahy amin’ny làlan’ny fahamarinana noho ny anarany Izy. Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho; dia tsy hatahotra ny loza aho; fa Hianao no amiko; Ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy. Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason’ny fahavaloko Hianao; Manosotra diloilo ny lohako Hianao, ny kapoakako feno dia feno. Eny tokoa, fahasoavana sy famindram-po no hanaraka ahy amin’ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao antranon’i Jehovah andro lava aho. —Salamo nataon’i Davida**

### “Ny Lohasaha Aloka”

Ankizilahy iray antsoina hoe Jaona dia efa nianatra tsianjery ny Salamo 23. Afaka milaza ny teny rehetra tsy ankijery na dia indray mandeha monja aza izy. Tiany ireo teny ireo; “Eny na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko.” Nahatsiarovany tena ho finaritra ireo. Na inona na inona ho nihatra taminy, Andriamanitra efa niaraka taminy.

Indray andro, nandeha an-tongotra lavitra i Jaona sy Dadany. Ny masoandro teny amin’ny habakabaka nandatsaka aloka nanapaka ny làlany.

Hoy Dadany: “Jaona, jereo io hazo lehibe sy mahafinaritra aloha io. Hitanao ve ny halehiben’ny aloka omeny? Rehefa afaka kelikely dia handeha tandrify io aloka io isika. Ny aloka tsy afaka handratra antsika. Nefa raha mianjera amintsika ny hazo mety ho faty isika. Aleonao ve ny hazo no hianjera aminao sa ny aloky ny hazo no hianjera aminao?”

“O, ny aloka Dada a! Izay indrindra!” Hoy ny navalin’i Jaona. “Ny aloka tsy afaka handratra ahy, fa raha ny hazo no mianjera amiko, dia mety ho faty aho.”

Noeritreretin’i Jaona ny andin-tSoratra Masina tiany ao amin’ny Salamo 23: “Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko.” Nahatsiaro ho finaritra hatrany izy. Jesosy Kristy dia nandresy ny fahafatesana, helo, ary ny fasana ho Azy. Rehefa tonga ny andro ahafatesany, dia handalo ny ALOKY ny fahafatesana fotsiny Izy. Ny aloka tsy afaka hankarary azy. Ny fahafatesana sy ny helo tsy nahatratra azy. Andriamanitra, ilay Raintsika any an-danitra, dia hiaraka aminy.

Raha matoky an’i Kristy ho Mpamonjinao ianao, dia IANAO koa afaka ahafantatra fa hiaraka aminao foana Andriamanitra raha tonga ny anjaranao handeha hamaky ny LOHASAHA ALOKY ny fahafatesana. *—Nosoratan’i Rose Goodman*

---

**“Ry malala, ankehitriny aza dia zanak’Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa.” – I Jaona 3:2**


Izay nataon’i Jesosy Kristy omaly, Azony atao anio; ary izay Ataony anio,
Azony hatao RAHATRIZAY!

**“Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.” – Hebreo 13:8**

# Tsy ny olon-drehetra no zanak'Andriamanitra

"Izany no mampiseho miharihary izay Zanak'Andriamanitra sy izay zanaky ny devoly. Tsy mba avy amin'Andriamanitra izay rehetra tsy manao ny marina sy izay tsy tia ny rahalahiny."

–1 Jaona 3:10




**Ny osy dia ireo olona izay ratsy fanahy sy tsy nibebaka.**

# Rehefa miverina Jesosy dia hanavaka ny Ondry amin'ny Osy

## ONDRY

Hoy Jesosy: "Ny ondriko mihaino ny Feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy." (Jaona 10:27)

**Matio 25:31-40**

"Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny Izy; ary ny firenena rehetra dia hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy; ary hametraka ny ondry eo amin'ny ankavanany Izy; fa ny osy eo amin'ny ankaviany. Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia hianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavotra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao; fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo. Tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an- trano maizina Aho, dia novangianareo. Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay? Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka notafinay? Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina, ka novangianay? Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."

## EFA FANTATRAO VE?

**1. Misy ondry avy amin'ny Firenena rehetra.**

"Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry. (Jaona 10:16). "Ary nihira fihiram-baovao izy ka nanao hoe: Hianao no mendrika haka ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny; fa voavono Hianao, ary ny ranao no nanavotanao ho an'Andriamanitra. Olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny, sy ny olona ary ny Firenena rehetra." (Apokalypsy 5:9). (Vakio koa Apokalypsy 7: 9-17)

**2. Ny ondry dia ireo izay nanenina, natoky an'i Kristy, nosasana tamin'ny rany, ary nandeha tamin'ny fahazavan'Andriamanitra.**

"Ho an'izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny rany." (Apokalypsy 1:5b). (Vakio koa I Korintiana 6:9-20). "Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra." (I Jaona 1:7)

## OSY

**Matio 25:41-46**

"Ary hilaza indray amin'izay eo amin'ny ankaviany kosa Izy hoe: Mialà Amiko, hianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny. Fa noana Aho, fa tsy mba nomenareo hanina; nangetaheta Aho, fa tsy mba nampisotroinareo; nivahiny Aho, fa tsy mba nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, fa tsy mba notafianareo; narary sy tao an-trano maizina Aho, fa tsy mba novangianareo. Ary dia hamaly kosa ireo hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao, na nangetaheta, na nivahiny, na tsy nanan-kitafy, na narary, na tao an-trano-maizina, ka tsy mba nanompo Anao izahay? Fa hamaly azy Izy ka hanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay tsy nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto kely indrindra ireto no tsy mba nataonareo Tamiko. Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin'ny fiainana mandrakizay."

**Jakoba 4:17-** "Koa izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia ho heloka ho azy izany." "Aza mamihina ny soa amin'izay tokony homena azy, raha azon'ny tànanao atao ihany." (Ohabolana 3:27). "Tsy izay rehetra manao Amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra." (Matio 7:21)

**Galatiana 5:19-21-** "Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejona, fanopoantsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adilahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra." "Izay rehetra mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona; ary fantatrareo fa tsy mba misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao anatiny." (I Jaona 3:15)

**Apokalypsy 9:20-21 –** "Nefa ny olona sisa, izay tsy matin'ireo loza ireo, dia tsy nibebaka hiala tamin'ny asan'ny tànany, mba tsy hivavaka amin'ny demonia sy ny sampy volamena sy volafotsy sy varahina sy vato ary hazo, izay tsy mahajery na mahare, na afa-mamindra; ary tsy nibebaka tamin'ny namonoany olona izy; na tamin'ny nanaovany ody ratsy, na tamin'ny fijangajangany, na tamin'ny halatra nataony koa."

**Apokalypsy 21:8 –** "Fa ny osa sy ny tsy mino sy ny vetaveta sy ny mpamono olona sy ny mpijangajanga sy ny mpanao ody ratsy sy ny mpanompo sampy ary ny mpandainga rehetra dia hanana ny anjarany ao anatin'ny farihy mirehitra afo sy solifara; izany no FAHAFATESANA FAHAROA."

"Raha hoy isika: Manana firaisana Aminy isika, kanefa mandeha amin'ny maizina, dia mandainga isika ka tsy manao ny marina." - I Jaona 1:6

**"Dia mpanompon'izay arahinareo, na ny ota ho amin'ny fahafatesana, na ny fanarahana ho amin'ny fahamarinana." – Romana 6:16b; (vakio koa ny Deoteronomia 18:10-12b)**

**"Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy."– Matio 7:20**

# Rehefa maty Lazarosy, dia nentin'ny anjely

**(Lioka 16:20-22)**



**Manana fahagagana mahafinaritra maro ho antsika Andriamanitra**

"Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao ampon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an'izay TIA Azy." (I Korintiana 2:9b). "Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no TIA Ahy; ary izay TIA Ahy no ho Tian'ny Raiko ary Izaho ho TIA azy ka hiseho aminy." (Jaona 14:21). "Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; ... fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho." (Jaona 14:2)

**Maty ilay lehilahy mpanankarena ary nampiakatra ny masony izy tao amin'ny helo**

**(Lioka 16:23)**



**"Fa raha tsy mibebaka hianareo, dia ho ringana tahaka azy koa hianareo rehetra."** **–Lioka 13:3b**

# Ny Helo dia toeran'ny fahoriam-be

(Vakio Lioka 16:19-26 eo ambany)

**Jesosy nanambara tamintsika tantaran'ny lehilahy mpanan-karena anankiray sy Lazarosy.**

"Nisy lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika sady nanaram-po fatratra isan'andro tamin'ny fahafinaretana. Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny; ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina; ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hita izy ka niandrandra, dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama Raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny ratsan-tànany amin'ny rano mba hampangatsika ny lelako, fa fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity. Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa ianao efa nahazo ny zava-tsoanao tamin'ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny, izy no ampifaliana atý, ary hianao kosa no fahadiranovana ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona eo anelanelantsika, mba tsy ho afa mita hankeny aminareo izay te-hiala etý, ary tsy afa-mita hanketý aminay izay eny." (Lioka 16:19-26)

**"Koa izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia heloka ho azy izany."- Jakoba 4:17**

# Ny helo dia nazera ao anatin'ny Farihy miretra afo

"Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin'ny farihy afo sy solofara, izay misy ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijaliana andro aman-alina mandrakizay mandrakizay ireo. Ary hitako fa, indro, nisy seza fiandriananana fotsy lehibe sy Ilay mipetraka eo amboniny; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoerany intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny lehibe na ny kely, nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana; ary novelarina ny boky; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny Bokin'ny Fiainana izany; ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany. Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny; ary ny fahafatesana sy ny fiainana-tsi-hita namoaka ny maty tao aminy; dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo. Ary nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy." (Apokalypsy 20:10-15)

# Inona no mitovy amin'ny fonenana mandrakizain'ny ratsy fanahy

**1. Toerana maizina any ivelany sy ny fitomaniana ary ny fikitroha-nify.**

"Fa raha manao anakampo izany mpanompo ratsy fanahy izany hoe: 'Maharitra ela ny tompoko, ka dia mikapoka ny mpanompo namany izy ary mihinana sy misotro amin'ny mpimamo. Dia ho avy ny tompon'izany mpanompo izany amin'andro izay tsy ampoiziny sy amin'ny ora izay tsy fantany. Dia ho tapahina roa izy ka homeny anjara any amin'ny mpihatsaravelatsihy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify." (Matio 24:48-51). Matio 13 sy 42 dia milaza hoe: "Ny Zanak'olona haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin'ny Fanjakany ny zavatra mahatafintohina rehetra mbamin'izay manao meloka; dia hanipy azy any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify." Ary koa milaza antsika ny Matio 25:30 hoe: "Ary ario ho any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mahasoa; any no hisy fitomaniana sy fikitroha-nify."

**2. Toerana izay hiakaran'ny setrokin'ny fahoriambeny mandrakizay mandrakizay.**

"Ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izay miankohoka eo anoloan'ny bibi-dia sy ny sariny, na izay mandray ny mariky ny anarany." (Apokalypsy 14:11) "Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay." (Matio 25:46a)

**3. Ny fahafatesana faharoa dia farihy afo.**

"Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny Bokin'ny Fiainana dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy." (Apokalypsy 20:15) "Any ny kankany tsy maty ary ny afo tsy vonoina." (Marka 9:48)

**"Izay rehetra manota dia andevon'ny ota." –Jaona 8:34b**

"Fa tsy ny mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan'Andriamanitra fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinina."

(Romana 2:13)

**"Hataontsika ahoana no fandositra, raha tsy mitandrina izao famonjena lehibe izao isika?" (Hebreo 2:3a)**

# Ity lehilahy ity dia tsy nisaina afa-tsy izao fiainana izao ka nanadino ny fanahiny

**"Ary tahaka ny nanendrena ny olona ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana."**
**–Hebreo 9:27**



**"Fa Andriamanitra kosa nanao taminy hoe . . . , 'Anio alina no halaina, aminao ny fanahinao, ka ho an'iza izay zavatra noharianao?' Toy izany izay mihary harena ho an'ny tenany ihany, nefa tsy mba manan-karena any amin'Andriamanitra" (Lioka 12:20-21). Vakio Lioka 12:16-21.**

**"Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra." –Matio 6:20**

# Fohy ny fiainana – Tsy maintsy mitady an'Andriamanitra alohan'ny fotoana isika

**Ny fiainantsika dia tahaka ny ahitra**
**sy voninkazo izay ho levona rehefa.**
***(Vakio Salamo103:15, 16 etsy ambany)***




**"Ary tsarovy ny Mpanao anao amin'ny andro fahatanoranao."**
**–Mpitoriteny 12:1a**

**"Mitadiava an'i Jehavah, dieny mbola hita Izy; miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy." –Isaia 55:6**

**"Tahaka ny ahitra ny andron'ny zanak'olombelona; tahaka ny vonin-javatra any an-tsaha ny famoniny. Satria tsofin'ny rivotra izy ka lasa; ary tsy mahalala azy intsony ny fitoerana."**
**–Salamo 103:15,16**

# Mandòndòna eo ambaravaran'ny fonao Kristy



**Hoy Jesosy:**
**"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandòndòna raha misy mihaino ny Feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko."**
**–Apokalypsy 3:20**

**"Dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra."**
**–Kolosiana 1:27b**

**"Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga Zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny Anarany." –Jaona 1: 12**

**"Ary hitady Ahy hianareo, dia hohitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra." –Jeremia 29:13**

**NOHO I KRISTY AO AM-PONTSIKA DIA AFA- DOZA ISIKA REHEFA MATY NY TENANTSIKA.**

**Rehefa avy niangavy an'i Jesosy mba hamela anao noho ny otanao ianao, ary mino ny Tompo Jesosy Kristy ho Mpamonjinao. Soraty eo amin'ny tsipika ambany ny anaranao:**

________________________________________

# Manatòna an'i Jesosy — Hamela ny helokao Izy


**"Koa amin'izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy." –Hebreo 7:25a**

**"Ary izay manatona Ahy dia tsy mba ho laviko mihitsy." –Jaona 6:37b**

**"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra." –I Jaona 1:9**

## DINGANA AHITANA AN'I JESOSY

1. **MIBEBAHA. Manenena noho ny otanao.**
   **Ny mibebaka dia midika hoe: "fifonana ampy mba hiala."**
2. **MITSOTRA ny otanao amin'i Jesosy.**
   **Ny mitsotra dia midika hoe "milaza na manaiky."**
3. **MAHAFOIZA ny otanao.**
   **Ny mahafoy dia midika hoe: "mandao, miala."**
4. **MINOA an'i Kristy ho Mpamonjinao.**
   **(Jereo Jaona 3:16 ao amin'ny pejy 7.)**
5. **MANDRAISA Azy ao am-ponao.**
   **(Jereo Jaona 1:12 ao amin'ny pejy 25.)**





Raha mila fanampiana ianao mivavaka, azonao ampiasaina ny vavaka etsy ambany ho mpitarika:

Jesosy Tompo malala ô,
Misaotra anao noho ny nahafatesanao teo amin'ny hazo fijaliana mba hanaisotra ny otako. Manenina noho ireo zava-dratsy rehetra efa vitako aho. Hangatahiko Ianao mba hiditra ato am-poko ary honina ao mandrakizay. Manantena Anao aho izao mba hanadio ny foko. Raisiko Ianao mba ho tena Tompoko sy Mpamonjiko.
Amin'ny Anaranao no ivavahako,
Amena

**"Ny Tompo . . . ka tsy tiany hisy ho very fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra."**
**–II Petera 3:9**

**"Izay manafina ny fahotany tsy hambinina: fa izay mitsotra ka mahafoy Azy no hahazo famindram-po."**
**–Ohabolana 28:13**

# Ireo izay an'i Jesosy dia hanana fiainana mandrakizay

**"Ny Tompo mahalala ny Azy." –II Timoty 2:19a**



**Rehefa maty ny tenantsika dia miverina any amin'Andriamanitra ny fanahintsika.**

"Ka ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa dia hiverina amin' Andriamanitra, Izay nanome iny." –Mpitoriteny 12:7

**Ny tsy fisehoana avy amin'ny vatana dia fahatongavana ao amin'ny Tompo.**

(Vakio II Korintiana 5:8)


**Tsy mahafinaritra ve raha handeha hiaraka amin'ny Tompo isika mandrakizay!**

(Vakio I Tesaloniana 43:13-8)

**Ho tahaka ny Tompo isika.**

Hoy Davida mpanao Salamo ao amin'ny Salamo 17:15b:
"Aoka ny Endrikao no hahafa-po ahy raha mifoha."

"Ry Malala, ANKEHITRINY dia zanak'Andriamanitra isika, nefa mbola tsy naseho izay toetsika rahatrizay, fantantsika fa raha hiseho Izy dia ho TAHAKA AZY isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena Endriny tokoa."— I Jaona 3:2



**FIONONAM-PO**

**I Tesaloniana 4:13-18**

**13 Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny amin'izay efa nodimandry, mba tsy hahalahelovanareo tahaka ny sasany izay tsy manana fanantenana.**

**14 Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'-Andriamanitra izay efa nodimandry tao amin'i Jesosy hiaraka Aminy.**

**15 Fa izao no lazainay aminareo amin'ny tenin'ny Tompo, isika izay velona ka mbola mitoetra mandra-pihavin'ny Tompo dia tsy mba hialoha izay efa nodimandry tsy akory.**


**16 Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any andanitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha.**


**17 Ary rehafa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka, dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.**

**18 Koa dia mifampionòna hianareo amin'izany teny izany.**

**Andriamanitra dia manana fahagagana maro ho an'izay tia Azy.**

"Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho an' izay TIA AZY."
(I Korintiana 2:9b)



Rehefa maty io nofontsika io dia voatahiry ary miandry ny fitsanganana rehefa miverina Jesosy ho etý ambonin'ny tany ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana voalohany.
(Vakio I Tesaloniana 4:16)

**"Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany."**

**–Apokalypsy 20:6**



**Indray andro any isika, dia hahazo vatana vaovao (I Korintiana 15:51-53).**

"Izay hanova ny tenan'ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny Voninahiny." –Filipiana 3:21a

"Indro, zava-miafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa vetivety toy ny indray mipì-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony, ary ISIKA HOVANA." –I Korintiana 15:51, 52

# Ny fitsanganana roa

***Ny olona rehetra dia hitsangana amin'ny maty.***

1. Ny sasany ho an'ny fananganana amin'ny FIAINANA
2. Ny sasany ho an'ny fananganana amin'ny FANAMELOHANA

**Jaona 5:28-29 —**"Aza gaga amin'izany; fa ho avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana, fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fanamelohana."

**Asan'ny Apostoly 24:15b —**"Fa hisy fitsanganan'ny marina sy ny meloka."

**Izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana voalohany.**

**I Tesaloniana 4:16 —**"Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha."

**Apokalypsy 20:4-6a —**"Ary nahita seza fiandrianana maro aho, ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy; ary hitako koa ny fanahin'izay notapahin-doha noho ny filazana an'i Jesosy sy ny tenin'Andriamanitra sy izay rehetra tsy niankohoka teo anoloan'ny bibi-dia na teo anoloan'ny sariny ary tsy nandray ny marika ho eo amin'ny handriny na ho eo amin'ny tànany; ary velona izy ka niara-nanjaka tamin'i Kristy arivo taona. Fa ny sisa amin'ny maty dia tsy mbola velona mandra-pahatapitry ny arivo taona. Izany no fitsanganana voalohany. Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany. Ireo tsy mba ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana."

**Inona no hitranga amin'ireo olona izay mbola velona rehefa tonga Jesosy?**

**I Tesaloniana 4:17—**"Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika."

**Mba hanana anjara amin'ny fitsanganana voalohany dia tsy maintsy tonga mpandresy isika.**

**Apokalypsy 2:7b—**"Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra."

**Apokalypsy 2:11b —** "Izay maharesy dia tsy ho simban'ny fahafatesana faharoa.**"**

**Apokalypsy 2:17b —**"Izay maharesy dia homeko mana miafina sady homeko vatofotsy, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany."

**Apokalypsy 2:26 —**"Ary izay maharesy ka mitandrina ny asany hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa."

**Apokalypsy 3:5 —**"Izay maharesy dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa, ary tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana tokoa Aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan'ny Raiko sy eo anatrehan'ny Anjeliny."

**Apokalypsy 3:21 —**"Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany."

**Jesosy dia mikarakara ny zanany n'inon'inona hitranga.**

**Romana 14:8-9 —** "Fa raha velona isika, dia velona ho an'ny Tompo, ary raha maty isika, dia maty ho an'ny Tompo; koa amin'izany, na velona na maty isika, dia an'ny Tompo ihany. Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy."

## Mpanompon'iza ianao?

**Romana 6:16 —**"Tsy fantatrareo va fa raha manolo-tena ho mpanompo hianareo na ho an'iza na ho an'iza dia mpanompon'izay arahinareo, na ny ota ho amin'ny fahafatesana, na ny fanarahana ho amin'ny fahamarinana."

**Hebreo 5:9 —**"Ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manaraka Azy."

**Lioka 16:13 —**"Tsy misy mpanompo mahay manompo tompo roa, fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an'Andriamanitra sy mamôna (harena) hianareo."

**Romana 2:6 —**"Izay hamaly ny olona rehetra araka ny asany avy."

**Romana 2:11 —**"Fa tsy misy fizahan-tavan'olona amin'Andriamanitra."

**Romana 2:13 —** "Fa tsy ny mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan'Andriamanitra, fa ny mpankatò ny lalàna no hohamarinana."

**"Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny Bokin'ny Fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy."**

**–Apokalypsy 20:15**

(Tsiambaratelo handresena ny fahavalontsika "ilay menarana ela, sady devoly sy satana," dia hita ao amin'ny pejy 9.)



**Jaona mahita ny Tanàna Masina**

**(Jereo pejy manaraka.)**

# Ny lanitra dia toerana misy

**Lanitra vaovao sy tany vaovao**

(Fahitan'i Jaona ao amin'ny Apokalypsy 21)

**Andininy 1-5**— "Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho; efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany ary ny ranomasina dia tsy misy intsony. Ary nahita aho fa, indro, ny Tanàna Masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any an-danitra tamin' Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin'ny vadiny. Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho nanao hoe: Indro ny taberinakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra ao aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny ranomaso rehetra eo amin'ny masony, ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanantainana; fa efa lasa ny zavatra taloha. Ary hoy Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana: Indro, havaoziko ny zavatra rehetra. Ary hoy koa Izy: Soraty fa mahatoky sy marina ireo teny ireo."

**Andininy 10-14**—"Ary nitondra ahy tamin'ny Fanahy ho any an-tendrombohitra sady lehibe no avo Izy ka naneho ahy ny Tanàna Masina, dia Jerosalema, midina avy tamin'Andriamanitra any an-danitra. Sady manana ny voninahitr'Andriamanitra izy; ny famirapirany dia tahaka ny vato soa indrindra, dia tahaka ny vato jaspy, manganohano toy ny vato krystaly; ary manana mànda lehibe sady avo sy vavahady roa ambin'ny folo izy, ary eo amin'ny vavahady dia misy Anjely roa ambin'ny folo, ary misy anarana voasoratra eo, dia ny any firenena roa ambin'ny folo amin'ny Zanak'Isiraely. Eo antsinana vavahady telo; eo avaratra vavahady telo; eo atsimo vavahady telo; eo andrefana vavahady telo. Ary ny màndan'ny tanàna nisy fanorenana roa ambin'ny folo, ary misy anarana roa ambin'ny folo koa eo, dia ny an'ny Apostoly roa ambin'ny folon'ny Zanak'ondry."

**Andininy 16, 18-19a** — "Ary ny tanàna dia efa-joro, ka mitovy ny lavany sy ny sakany, ary nandrefy ny tanàna tamin'ny volotara izy, ka roa arivo sy iray alina stadio. Mitovy ny lavany sy ny sakany, ary ny hahavony. Ary nandrefy ny màndany izy, ka efatra amby efa-polo amby zato hakiho, araka ny refin'ny olona, dia ny an'ny anjely. Ary ny màndany dia vato jaspy; ary ny tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra madio. Ary ny fanorenan'ny màndan'ny tanàna dia voaravaka vato soa samy hafa rehetra."

**Andininy 21-27**—"Ary ny vavahady roa ambin'ny folo dia pèrila roa ambin'ny folo; pèrila iray avy ny isam-bavahady; ary ny làlam-be teo an-tanàna dia tena volamena, toy ny fitaratra manganohano. Ary tsy nahita tempoly teo aho; fa ny Tompo Andriamanitra, dia ny Tsitoha, sy ny Zanak'ondry no tempoliny. Ary ny tanàna tsy mba mila ny masoandro na ny volana hamirapiratra aminy; fa ny voninahitr'Andriamanitra no nanazava azy, ary ny Zanak'ondry no fanazavana azy. Ary ny firenena maro no handeha amin'ny fahazavany; ary ny mpanjakan'ny tany dia mitondra ny voninahiny ho ao anatiny. Ary ny vavahadiny tsy harindrina akory amin'ny andro (fa tsy mba misy alina ao). Ary ny voninahitra sy ny hajan'ny firenena maro dia ho entina ao anatiny. Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao anatin'ny Bokin'ny Fiainana izay an'ny Zanak'ondry ihany.

## Aza malahelo ny fonareo

**Jaona 14:1-3**— "Aza malahelo ny fonareo, minoa an'Andriamanitra ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho, fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay hitoerako no hitoeranareo koa."

## Olona maro tsy tambo isaina niakanjo akanjo fotsy lava hitsangana eo anoloan'ny seza fiandrianana


**Apokalypsy 7:9, 13 sy 14**— "Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indreo, nisy olona betsaka tsy tambo isaina avy tamin'ny firenena rehetra sy ny fokompirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anolonan'ny seza fiandrianana sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry; niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany. Ary ny anankiray tamin'ny loholona namaly ka nanao tamiko hoe: Iza moa ireo miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy? fa hoy izaho taminy: Tompoko ianao no mahalala. Dia hoy izy tamiko: Ireo no avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasainy sy nofotsiany tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry."

**Apokalypsy 22:14** —"Sambatra izay manasa ny akanjony, mba hananany fahefana amin'ny hazon'aina sy hidirany amin'ny vavahady ho ao antanàna."

**IZA no KRISTIANA? Ny olona izay itoeran'i Kristy ao anatiny (Romana 8:11)**

# Naharesy ny fizahan-toetra rehetra Joba ary nahita ny valin'ny fanontaniany. (Jereo pejy 1.)

3020 Malagasy HIR



**Ny valin'ny fanontaniany**

Nahita ny valin'ny fanontaniany Joba, "Raha maty ny olona, moa ho velona indray va izy?" Fantany fa na ho faty aza ny tenany ary hamotika azy ny kankana, kanefa hahazo nofo vaovao izy ary hahita an'Andriamanitra. Natoky an'Andriamanitra Tompo ho Mpanavotra azy i Joba.
Henoy ny teniny:

**"Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditra, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra. Eny izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa."**

**– Joba 19:25-27a**

Hifankahalala daholo isika rehetra any an-danitra.

**"Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombitsombiny no fantatro, fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy." – I Korintiana 13:12**

# Fampahafantarana ho amin'ny Fiainana Vaovao

Rankizy malala:

Ity boky ity dia natao ho anareo. Hanampy anareo hahita ny valin'ny fiainana izay efa nokatsahinareo. Tokony hianaranareo ny andinin-tSoratra Masina mba ahafahanareo mizara izany amin'ny ankizivavy sy ankizilahy hafa. Hanampy anareo koa izany.

Fantatrareo ve fa tamin'ny tantaran'ny olombelona rehetra dia tsy nisy afa-tsy OLONA IRAY ihany no nanana ny hery sy ny fahefana nanangana ny tenany tamin'ny maty? Izany lehilahy izany dia Jesosy Kristy Tompo Ilay Zanak'ANDRIAMANITRA VELONA. "Tsy misy manaisotra ny aiko Amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy, ary manana fahefana haka azy indray." (Jaona 10:18a) Ary hitanao koa fa na ny fahafatesany aza dia tsy nisy loza. Taloha ela be dia nohomboina tamin'ny hazo fijaliana Izy mba ho faty, Jesosy niteny momba ny lamina mba hamonjeny antsika ho afaka amin'ny fahotantsika. "Ary tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana tany an'efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona, mba hanana ny fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy." (Jaona 3:14-15) Ity boky ity dia hanambara aminareo bebe kokoa momba Azy sy izay fomba ahazoanareo ny fiainana mandrakizay sy ho velona mandrakizay, ao amin'ny toerana izay nomanin'ny Tompo " . . . Fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho." (Jaona 14:2b)

Fa ny olona izay tsy mino an'i Kristy ho Mpamonjy azy dia hohelohina mandrakizay any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voasoratra ho an'ny devoly sy ny anjeliny. (Matio 25:41) Miresaka momba izany toerana izany koa ity boky ity.

Ny fiainana dia tahaka ny dia. Tsy maintsy miomana ho amin'izany isika. Raha te-hanao ny lanitra ho tranontsika isika, dia tsy maintsy miomana ho eny. Tamin'ny nahaterahanao tao amin'ny ankohonanao dia tonga zanak'io ankohonana io ianao. Izay rehetra te ho tonga any an-danitra dia tsy maintsy hateraka ho isan'ny ankohonan'Andriamanitra. Izany no antony nitenenan'i Jesosy ao amin'ny Jaona 3:3 hoe: "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra."

Fohy ny fiainana etý an-tany. Indray andro any dia ho faty ny tenantsika. Fohy kokoa ny fiainan'ny sasany noho ny an'ny hafa. Hitantsika ireo zazakely maty, ankizilahy maty, ankizivavy maty, tanora maty, ary olona amin'ny sokajin-taona rehetra maty. Izany dia mety ho vokatry ny loza na aretina. ". . . ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha ..." (Hebreo 9:27)

Indray andro any izaho sy ianao tsy maintsy handao ity vatana ivelomantsika ity. Ny tenantsika hody vovoka fa ny fanahintsika kosa hiakatra ho any amin'Andriamanitra mba hanome filazana ho an' Andriamanitra ny fomba niainantsika tetý ambany tetý. "Ka ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny Fanahy kosa dia hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny." (Mpitoriteny 12:7) "Koa samy hampamoahan'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra." (Romana 14:12)

Satria Andriamanitra nanao antsika fanahy velona, dia hafa noho ny biby isika. "Ary vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony dia tonga olombelona izy." (Genesisy 2:7) "Tsy mitovy ny nofo rehetra; fa hafa ny an'ny olona, ary hafa ny nofon'ny biby, ary hafa koa ny nofon'ny vorona, ary, hafa ny an'ny hazandrano." (I Korintiana 15:39)

Satria ny lehilahy sy vehivavy voalohany (Adama sy Eva) nanota teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny tsy fankatoavana Azy, dia tonga tamin'ny taranaky ny olona ny ota. Ary hatramin'izay dia teraka tamin'ny fahotana ny zaza rehetra. Izany no ilaintsika mpanavotra mba hahaterahantsika indray mba ialan'ny helontsika amintsika. Ary ity "fahaterahana indray" ity dia manamboatra antsika hiomana ho amin'ny lanitra.

MANAITRA NY SAINA NY FIAINANA miaraka amin'i KRISTY ao am-pontsika. Nitsangana tamin'ny maty Izy niaraka tamin'ny vatana heni-boninahitra, dia vatana izay tsy ho faty intsony mandrakizay. Noho izany Izy dia hanangana amin'ny maty ireo izay manana ny fanahin'i Kristy ao am-pony ary hanome azy vatana heni-boninahitra, dia vatana izay tsy ho faty intsony mandrakizay. (Romana 8:11) Tsy hahita ny fahafatesana faharoa na oviana na oviana isika, dia izay farihy afo. "Ary ny fahafatesana sy ny fiainanan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa." (Apokalypsy 20:14) Fa ny fahafatesana faharoa dia tsy manana fahefana amin'izay olona manana an'i Kristy ao am-pony. Milaza ny Apokalypsy 20:6 hoe: ". . . I reo tsy mba ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana,. . . . "

Raha mbola velona isika amin'ny fotoana hiverenan'i Jesosy dia tsy tokony ho faty isika na indray mandeha monja aza. Milaza ny I Tesaloniana 4:17 hoe: "Ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika."

Faranako amin'ity andininy maha te-ho tia ao amin'ny Romana 10:9 ity hoe: "Satria manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao hianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena hianao."

Ny namanao izay mikarakara ny amin'ny izay miseho aminao, Rose A. Goodman, Mpanoratra

## Teny fisaorana

Mankasitraka feno an'ny Ramatoakely Meryl Esenwein aho, mpanakanto sady misionera nanompo tany amin'ny Afrika atsinanana niaraka tamin'ny Word Gospel Mission, noho ny sary izay noforonony ho an'ny bokiko, *"Nitsangana Izy!"*: Izy dia nanao ny fomba azo nandokona azy.

*-Rose Goodman*

# Hiverina etý an-tany Kristy

"Indro Izy avy amin'ny rahona, ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy." – Apokalypsy 1:7a



3020 Malagasy HIR - inside back cover


**"Iny Jesosy izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra." –Asan'ny Apostoly 1:11b**

**(Hoy Jesosy) "Koa miomàna kosa hianareo; fa amin'izay ora tsy ampoizinareo no hiavian'ny Zanak'olona." –Matio 24:44**

# “Indro, velona mandrakizay mandrakizay Aho…”

**– Apokalypsy 1:18b**

3020 Malagasy HIR



**HOY JESOSY:**

**“Fa hahazo hery ianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo; ary ho vavolombeloko.” – Asan’ny Apostoly 1:8a**

**“Raha misy ta-hanaraka Ahy, dia aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. Fa inona no soa azon’ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy? – Marka 8:34b, 36**

**“Ary amin’izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan’ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan’ny Raiko Izay any an-danitra.” – Matio 10:32**

**“Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý an-tany, koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina, sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary indro Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ny fahataperan’izao tontolo izao.” – Matio 28:18b-20**

**“Tsy hain’ny olona izany fa hain’-Andriamanitra ny zavatra rehetra.” – Matio 19: 26b**

**“Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin’ny fakampanahy.” – Matio 26:41a**

**“Aoka ho mahatoky hatramin’ny fahafatesana hianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana.” –Apokalypsy 2:10b**

**“Sambatra ny madio am-po, fa izy no hahita an’Andriamanitra.” – Matio 5:8**

**“…Aho, dia ho avy indray….” – Jaona 14:3**

**HOY JESOSY:**

**“Izay mino no manana fiainana mandrakizay.” – Jaona 6:47b**

**“Fa raha tsy mino hianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin’ny fahotanareo hianareo.” – Jaona 8:24b**

**“Tiava an’i Jehovah Andriamanitrao amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: “Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.” Izany didy roa izany no ihantonan’ny lalàna rehetra sy ny mpaminany.” – Matio 22:37b-40.**

**“Tiava ny fahavalonareo, manaova soa amin’izay mankahala anareo, misaora izay manozona anareo; ary mivavaha ho an’izay manisy ratsy anareo.” – Lioka 6:27b-28**

**“Fa raha hianareo tsy mamela heloka, ny Rainareo izay any an-danitra kosa tsy hamela ny helokareo.” – Marka 11:26**

**“Izany zavatra izany no andidiako anareo, mba hifankatiavanareo.” – Jaona 15:17**

**“Ary nahoana hianareo no miantso Ahy hoe: Tompoko, Tompoko nefa tsy manao izay lazaiko? – Lioka 6:46**

**“Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko.” – Jaona 14: 15**

**“Raha misy olona mitandrina ny Teniko, dia tsy mba hahita fahafatesana izy mandrakizay.”– Jaona 8:51b**

**“Sambatra aza ny mihaino ny Tenin’Andriamanitra ka mitandrina izany.” – Lioka 11:28b**

“Ary ny firenena rehetra dia tsy maintsy hitoriana ny filazantsara aloha.” – Marka 13: 10

Isan-tokantrano ho an'i Kristy
BP 754
Mahajanga 401

E.Mail: itk@wanadoo.mg

Maimaim-poana — Tsy azo amidy

3020 Malagasy

Navoakan’ny
World Missionary Press, Inc., P.O. Box 120, New Paris, IN
46553-0120 USA